SOANIERANA IVONGO 4

# RANGAHY NISOLOKY OLONA NAHAZO 20 TAPITRISA ARIARY

MARINA IZANY ! 2
ZAVA-MAHADOMELINA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7482 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 28 janoary 2023


Tsaroako ilay... 3

## MENDRIKA (SOLOMIRAL)

NIHAZA-KAZAKA, VOAFINGANA KA VAKY ORONA



PM NTSAY CHRISTIAN 2

# "MATANJAKA NY DEMOKRASIA ETO MATOA MBOLA AFAKA MANAKIANA NY MPANOHITRA"

CHAN 2022 - BAREA 7



## AZONY ATAO TSARA NY MANDRESY AN'I MOZAMBIKA


SECES 8




# HAMPIANATRA MANOMBOKA AMIN'NY FEBROARY 2023

FALIHERY RAKOTOARISOA 2

## MANGATAKA NY HANOLOANA NY GOVERNORAN'I VAKINANKARATRA





Mahatoky anao i MVola
MVola AVANCE hatr@ 1 000 000 Ar
Tsindrio ny #111*1#
Tsy mivoaka ny trano
MVola Mobile Money
www.mvola.mg MVola
BANKY MPIARA-MIASA
BNI MADAGASCAR
G CL 398/13-12

Telma
LÂCHE PLUS TON PHONE !
Yellow 200

50 SMS ET/OU Mo
+20% BONUS DATA VIA MVola
200 Ar Tape le #322*63#
G CL 397/26-24

Vakinankaratra

# Mangataka ny hanoloana ny Governora i Falihery Rakotoarisoa

Isan'ny nanangana ny antoko TGV teto Vakinankaratra tamin'ny taona 2009 Atoa Falihery Rakotoarisoa, Talen'ny Kabinetra no mitana ny andraikitra sekretera jeneralin'ny Kaominina Antsirabe Ambonivohitra ny tenany amin'izao fotoana. Efa ela no nilomano tao anatin'ny sehatra politika izy ary rehareharany ny fitazonany ny lokom-boasary hatramin'izay ka hatramin'izao. Isan'ny mandresy lahatra azy hanao politika ny fandresen-dahatra. Resy lahatra tamin'ny hevitra sy vina nentin'ny Filoha Andry Rajoelina amin'ny hanangana sy hanavotana ny firenena izay latsaka lalina raha mitaha amin'ny firenena hafa izy.

**Fitarainana**

Paikadin'ny fitondrana moa ny fanendrena olona hitantana ny faritra tamin'ny alalan'ny fametrahana governora, ary niandrandra fatratra tamin'ity farany ny fitondrana hiandraikitra ny fampandrosoana nampanantenaina. "Iaraha mahita toy ny vay an-kandrina anefa ny zava-misy ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra" hoy Atoa Faly Rakotoarisoa fa "tsy mifanaraka amin'ny vina napetraky ny Filoha ny vokatra nandrasana tamin'ny Governora. Na eo amin'ny lafiny sosialy, na politika ny ekonomika dia tsy ahitana taratra izay fampandrosoana nandrasana taminy izany. "Mitazona andraikitra ambony ao amin'ny fiadidiana ny tananan'Antsirabe ny tenako" hoy hatrany Atoa Faly Rakotoarisoa ka "mifanerasera amin'olona samy hafa eny ifotony eny". "Tsy misy tsy andrenesana fitarainana na mpanao politika, na mpandraharaha, na talem-paritra na olomboafidy na olon-tsotra fa tsy misy fampandrosoana vanona eto amin'ny Faritra Vakinankaratra noho ny afitsoky ny Governora" hoy ihany izy. Nahitsy moa ny tenin'ny Atoa Talen'ny Kabinetra fa tsy manana fifandraisana tsara arapolitika eto Vakinankatra ny Governoran'ny faritra indrindra fa amin'ireo olomboafidy.

**Hitenenana**

"Misy ny fotoana hanginana ary misy hitenenana" hoy hatrany Atoa Faly Rakotoarisoa, "tsy sanatria akory hivadika ho mpanohitra ny tenako fa noho ny fitiavana ny Filoha Andry Rajoelina no hilazana ny zava-misy eto Vakinankaratra". "Manainga ny eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika hanamarina ny zavatra mitranga eto satria tena tsy mifanaraka velively amin'ny tanjona napetraky ny Filoha ny fitantanana ny faritra" hoy hatrany Atoa Falihery Rakotoarisoa. Marina fa akaiky ny fifidianana, nefa aleo tara toy izay tsy tonga mihitsy hoy ny fanazavany, efa nisy ny dingana natao hialana amin'ny zavatra tahaka izao saingy tsy nisy vokany izany. Inona no handresendahatra ny vahoaka hampandaniana ny Filoha Andry Rajoelina eto Vakinankaratra. "Voafitaka ny filoha" hoy hatrany ny fanazavany satria "ny olona izay notendreny sy napetrany teto amin'ny faritra dia tsy nahavita ny iraka nampanaovina azy".

**Tsy tara**

Dieny mbola tsy tara dia mangataka ny Filoha ity mpitondra ny antoko TGV ity hanolo ny Governoran'ny Faritra Vakinankaratra satria manimba endrika ny fitondrana no tsy mahavita ny iraka nampandraiketina azy. Nanamafy ny tenany fa TGV iringiriny ary mila manana etika ny fanaovana politika ankehitriny ka ny tombontsoan'ny Faritra no jerena. Hisy fiantraikany eo amin'ny fifidianana ny zava-misy amin'izao fotoana izao ka mila mifampiteny ny samy ao anatiny sy mila mifanitsy rehefa misy zavatra tafahoatra. "Tsy mahasoa ny Faritra ny zava-misy amin' izao fotoana izao satria tsy mahavita ny asany ny Governora ka tokony ho soloina" hoy Atoa Faliherisoa Rakotoarisoa namarana ny teniny.

**Andry N.**

## Marina izany !

### Zava-mahadomelina !

**Efa volana maromaro izao no resahina betsaka eto amintsika ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina, manapotika ny tanora, eny fa na ny olon-dehibe aza. Amidy amin'ny toerana maro izy ireny, arakaraky ny kalitaony sy ny heriny ary ny fomba fampidirana azy amin'ny vatana. Ny moramora ohatra amidy tsy lavitra ny sekoly. Ny lafo vidy mazava ho azy fa ny manambola irery ihany no afaka manjifa azy ireny. Nanaitra ny vaovao nivoaka tamin'ny gazety mpiseho isan'andro, andro vitsivitsy lasa izay nampahafantatra fa nisy manamboninahitra ambony, nanana ny toerany teo aloha nosamborina, noho izy nahatratrarana zava-mahadomelina. Taorian'izay moa dia tsy nahazoam-baovao ny mahakasika ny tohin'ny fanadihadiana, ankoatran'ny hoe: nisy olona ambony naka ilay voasambotra tao amin'ny toerana nitazonana azy. Ny antony mbola tsy nahazoam-baovao marim-pototra. Harovana ve sa misy antony hafa tsy maintsy nisintonana azy? Taorian'ny fanadihadiana kosa no nahafantarana fa tsy ny mpitandro filamianana nandray antanana ny raharaha tany am-piandohana intsony no manohy ny asa amin'izao fotoana izao. Manoloana izany dia tsy vitsy no lasa eritreritra ny amin'ny hoe: Nahoana no mahazo vahana eto amintsika ny fivarotana zava-mahadomelina amin'ny endriny rehetra? Ny mpitandro filaminana ve no tsy manao ny asany araka ny tokony ho izy sa sao sanatria ao anatiny no misy mpiray tsikombakomba na mivelona amin'izany mihitsy. Na izany na tsy izany, fantatra fa misy hatrany ny voasambotra, noho izy ireo tratra mitondra na mivarotra zava-mahadomelina. Saingy raha ny zava-misy dia trondro madinika ihany aloha ireny samborina sy tazonina am-ponja ireny!**

Voahangy Rakotozafy

Fanafainganana ny raharaham-pitsarana

# Mitady fanohanana ara-bola bebe kokoa amin'ny fanjakana ny Minisitra mpiahy

Tontosa teny amin'ny Fitsarana Tampony Anosy omaly ny Fotoam-pitsarana manetriketrika, fanamarihana ny fanombohan'ny Taom-pitsarana 2023. Nisy ny tafa ho an'ny mpanao gazety niarahana tamin'ny Minisitry ny Fitsarana Francois Rakotozafy taorian'izany. Voaresaka nandritra izany ny antony mampitarazoka ny raharaham-pitsarana mampitaraina ny ankamaroan' ny olom-pirenena manana raharaha eny. Nanambara ny Minisitra tamin'izany, fa ankoatra ny tsy fahampian'ny olona misehatra eny anivon'ny Fitsarana sy ny fitaovana ampiasaina dia isan'ny antony mampitarazoka ny asa ihany koa ny lafiny ara-bola. Araka izany, mitady fanohanana ara-bola bebe kokoa amin'ny fanjakana ny Minisitry ny Fitsarana mba hanafainganana io raharaham-pitsarana io. Manaraka izany, nodisoany ihany koa ny filazana fa mifidy arapaka na mandray baiko politika ny Fitsarana eo am-panatanterahany ny asany. Manaraka izany, nivoitra tamin'ny lahatenin'ny Filoha voalohan'ny Fitsarana Tampony ny fitaomany ny rehetra hanaja lalàna.

**Fanjakana tan-dalàna**

*« Manao antso avo amin'ny rehetra ny tenako mba hanaja ny lalàna ary hitady sy hiaro mandrakariva ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny. Tsy misy ny filamianana sy fampandrosoana ivelan'ny fanjakana tan-dalàna. Ny fanjakana tandalàna dia mametraka ny lalàna ho ambony indrindra ary mitovy avokoa ny rehetra eo antrehan'ny lalàna. Ho sarotra ny hahatanteraka ny fanirian'ny tsirairay mba hanana fiainana tsara raha tsy mitoetra ny fandriam-pahalemana sy ny filaminana ary izany rehetra izany dia tsy azo raha tsy ao anatin'ny fanjakana tandalàna irery ihany, izay miaro ny firenena tsy ho tonga amin'ny korontana*", hoy ny Filohan'ny Fitsarana Tampony tamin'izany.

Farany, nomarihany fa mbola mitoetra ny fahatokisan'ny vahoaka ny Fitsarana amin'izao fotoana izao satria mitombo isan-kerinandro ny antontan-taratasinady tonga eny ampelantanan'izy ireo.

**Mamy R.**

Vovonana C Lera

# Mitaky ny famerana ny fampiasam-bola holaniana amin'ny prôpagandy

Itovizan'ireo sokajin-kery samihafa mivondrona ao ao anaty vovonana lera ny tsy tokony hanekena intsony ny fanitsakitsahana miverimberina ny lalàm-panorenana sy ny lalàna manan-kery ; ny fitsabahan'ny mpanatanteraka ao anatin'ny andraikitry ny mpanao lalàna, ny famoahana an-tsokosoko ny harem-pirenena nefa tsy misy tohiny hatrany ny fanadihadiana ; ny tsy fisian' ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny volam-panjakana ; ny fampahantrana ny Malagasy izay efa tafakatra 81% ny tahan' izany ary ny 50% n'ny vahoaka Malahasy no efa ao anaty fahasahiranana… Tanjon'ny vovonana lera ny hanilihana ny mpitondra ankehitriny, amin'ny alalan' ny fifidianana madio sy mangarahara ary lavitry ny hala-bato sy ny kajikajy pôlitika, araka ny nambaran' ny depiote Johasy Eléonore, teny Mandrimena lavoloha, ny alakamisy lasa teo. Takiana mialoha ny latsa-bato, hoy io olomboafidy io ny famerana ny fampiasam-bola holaniana amin'ny fampielezan-kevitra sy ny fanomezan-danja ny mpanao pôlitika hiditra ao amin'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana satria raharahan'ny mpanao pôlitika ny fanomanana ny latsa-bato. Hentitra ny depiote Johasy Eléonore raha nilaza fa tsy ho eken'izy ireo ny fanemorana ny fifidianana, indrindra raha lafiny teknika na arabola no anton'izany. Raha mitranga ireo dia tompon' andraikitra feno ny fanjakana, hoy ihany ny vovonana C lera. Ny mpandrindra nasionalin'ny HVM, Rivo Rakotovao moa dia niantso mivantana ny olom-pirenena tsy an-kanavaka tsy hatahotra fa hahasahy hijoro satria firenena iarahamanana no arovana. Ary ny fifidianana no fomba iray hahafahana manilika ny mpitondra tsy mijery ny tombontsoa iombonana.

**V.R.**

Praiminisitra Ntsay Christian

# "Matanjaka ny demokrasia eto matoa mbola afaka manakiana ny mpanohitra"

Samy mahatsikaritra ny olom-pirenena mpanara-baovao fa manomboka sahirana miatrika ireo olana marobe eto amin'ny firenena ny mpitondra fanjakana amin'izao volana maromaro alohan'ny fifidianana izao. Manararaotra izany toe-draharaham-pirenena izany ireo mpanao politika mpanohitra ka tsy mitsahatra ny manakiana sy mamaky bantsilana ireo trangan-javatra tsy mandeha. Miverimberina amin'izany ny haratsian'ny lâlana sy ny vidin-javatra, indrindra ireo entana ilaina andavanandro tsy mitsaha-miakatra, izay karazan'ny jerena fotsiny sisa raha tsy hilaza afa-tsy ny vidim-bary efa ho tafakatra 1000 ariary ny kapoaka. Omaly, nanambara ireo mpanao politika mivondrona eo anivon'ny Vovonana C-LERA, tarihan'i Voninahitsy Jean Eugène fa noho ny tsy fanaovana laharam-pahamehana ny sosialim-bahoaka sy ny tsy fisian'ny paikady matotra na mahomby ataon'ny fitondrana ankehitriny amin'ny famahana ny olana eto no mahatonga ny firenena mandohalika tahaka izao.

*Mitaona ny mpanao politika tsy ho variana amin'ny politika fa hanao laharam-pahamehana ny fanampiana ny Malagasy amin'izao fotoan-tsarotra izao ny Praiminisitra.*

**Hitondra vahaolana**

Manoloana ireo kiana sy tsikera mila ho isan'andro ireo, tsy nihambahamba ny Praiminisitra Ntsay Christian raha nilaza fa matoa mbola afaka manao izany ny mpanohitra dia satria matanjaka ny demokrasia eto. « *Matoa miteny tahaka ireny ny mpanao politika na ny vondrona politika dia mampiseho izany fa malalaka ny fanehoan-kevitra ary matanjaka ny demokrasia. Laharam-pahamehana amin'ny governemanta malagasy ao anatin'izao fotoam-pavaratra izao ny fanampiana ny Malagasy sy ny fitondrana vahaolana manoloana ireo manahirana ny vahoaka. Raha misy mpanao politika tsy mametraka izany ho laharam-pamehana dia azy izay* », hoy ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta tamin'izany.

**Mamy R.**

# T'saroako ilay...

Mendrika (Solomiral)

## Nihazakazaka dia voafingana ka vaky ny orony

*Mendrika Rasolomahatratra. Ao amin'ny tarika Solomiral no tena misy azy, fa matihanina amin'ny fivelezana amponga maroanaka izy. Manana sekoly fampianarana mitendry "batterie" etsy Analakely izy raha toa ka efa tany amin'ny taona 1996 no nampita ny fahaizany tamin'ny olona maro. Efa an'arivony ny mpianatra novolavolainy ary efa maro amin'izy ireny no manana toerany ankehitriny. Maro ny fahatsiarovana niainany fa sombiny amin'ireny ihany no hotantaraintsika eto anio :*

**Nifanenjika dia vaky hatramin'ny orony**

Tany Antsiranana no nandany ny fahazazan-dry Solomiral satria niasa tany ny rainy. Mpirahalahy nifanarakaraka i Mendrika sy Haja, izany hoe nifanao herintaona monja. Iray kilasy izy mirahalahy tamin' izany, ka tao amin'ny sekoly Sacré Cœur tao Antsiranana no nianatra. Indray andro, nirava avy nianatra izy mirahalahy. Rehefa nigadona teo ambavahady, dia hoy i Haja tamin'i Mendrika : "aleo ialahy mihodina avy ary, dia izaho mihodina avy ato dia izay tonga aloha. Kanjo variana nihazakazaka mafy i Mendrika no voafingana ary notatazan'ny vy fikotranan' ny dadany ireny ka vaky ny orony. Naratra mafy izy ary noheverin'ny reniny ho ny masony mihitsy aza no goaka, ka nikoropaka izy mivady.

**« Ramose Karakaina masiaka be »**

Nanomboka teo amin'ny kilasy 4é indray izy, dia voatendry hiasa tany Toamasina indray ny ray amandrenin'izy ireo. Hatramin'ny kilasy famaranana dia tany Toamasina no nianatra ry Solomiral mirahalahy avy. Anisan'ny nanamarika azy tany ampianarana ilay mpampianatra taranja matematika azy ireo. Masiaka be saingy nampahay ilay mpampianatra, izay nomen' izy ireo anaram-bositra hoe Ramose Karakaina (efa maty io mpampianatra io ankehitriny). Noho ilay mpampianatra tia misotro ranobe no mahatonga azy ireo nanome io anarana io. Vao miditra ao ampianarana izy io, dia mampandray taratasy avy hatrany ary mampanao fanadinana tampoka anatin'ny 5 minitra monja. Izay tsy mahay tamin'izany, dia kapohan-dRakarakaina amin'ny fitsipika ny tanany.

**Mitsiriritra an-dry Dedessa mively « batterie »**

Raha gitara avokoa no filalaon-dry Solomiral ary mampiaiky ny rehetra azy mirahalahy avy ireo hatramin'izao. Niavaka kosa ny talentan'i Mendrika, satria tany amin'ny fivelezana "batterie" kokoa no nandrian' ny fony. Io rahateo no hamelomany ny vady amanjanany hatramin'izao. Fony fahazaza tany Antsiranana, dia entin'ny rainy mitazana ny gropy Le Requin izy mirahalahy avy. Tsy mahazo miditra anaty toeram-pilanonana tamin'izany ny ankizy, ka eny ivelany eny ihany no mitazatazana izy ireo. Ry Dedessa tamin' izany no anisan'ireo mpively batterie nalaza tao amin'io gropy io. Nanomboka tamin'izany no nankafizan'i Mendrika ny fivelezana "batterie", ka rehefa tonga any an-trano dia kapoaka no amboarina dia velesina. Rehefa nipetraka tany Toamasina izy ireo, dia efa niditra tao anatin'ny tarika izy teo amin'ny faha-14 taona. Na izany aza, mampifehy tsara ny gitara izy.

**Nanafangaro ny sigara sy siramamy**

Ankoatra ny asa maha mpampianatra sy ny tarika Solomiral. Niara-niasa tamin' ny mpihira maro i Mendrika. Nitendry gitara basse tao amin'ny tarika Ny Voanio izy tany Toamasina ; teto Antananarivo, efa nitendry tao amin'i Bodo, Rija Ramanantoanina, Lalatiana, Olombelo Ricky ary ireo vazaha mandalo eto amintsika rehefa Madajazzcar. Fa anisan'ny nanamarika azy, ny niarahany nanao fitetezam-paritra tamin'ny Olombelo Ricky tany New York tamin'ny 2002. Indray mandeha nandeha nisotroka kafe izy ireo. Nanontany ilay mpivarotra hoe mila "sugar" (siramamy) ve ianao ? -Nanda izy fa noheveriny fa hoe sigara. Nosotroiny anefa ny kafe, kanjo nangidy. Izay izy vao tonga saina ka nitady "sugar" tamin'ilay mpivarotra. Nihomehy daholo izy rehetra tafaraka tamin'izay.

**Nangonin'i Fy**

"Fashionomics Africa"

## Tafakatra hiatrika ny dingana famaranana i Sih Rakout

Ny Fashionomics Africa andiany faha-3 dia miaramiasa amin'ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana momba ny Tontolo Iainana, ny "Parsons School of Design", ny masoivoho BPCM, ny "Ellen MacArthur Foundation" ary ny "Center for Sustainable Fashion" ny Natokana ho an'ireo mpandraharaha eo amin'ny tontolon'ny hay haingo sy famoronana lamaody miasa eo amin'ny sehatry ny lamba, akanjo ary kojakoja izay tontosaina aty Afrika. Sitraka Harimalala Rakotoasimbola namorona ny Sih Rakout no nisolontena antsika ka eo amin'ny tontolon'ny Lamaody sy ny hay haingo amin'ny maha mpamorona azy sy mpanjaitra azy no nandraisany anjara. Firenena 25 aty Afrika no mifaninana izay nahitana mpandraharaha 300 ka ny 75 % n'izy ireo dia vehivavy avokoa. Tamin'ny fifantenana farany dia anisan'ireo 12 hiatrika ny famaranana i Sih Rakout. Kenianina roa, Lesoto, Nigeria telo, Kamerona, Etopia, Malawi, Benin, Tonizia no hifaninana amin'i Madagasikara ka ny 2 Febroary izao no fantatra ny roa voalohany.

Loka maro no hatolotra ny mpandresy ka anisan'izany ny fanampiana ara-bola mitentina 10 000 Dollars (manodidina ny 43 tapitrisa Ariary), ny fahafahana handray anjara amin'ny hetsika an-tserasera ary koa ny fandraisana anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra momba ireo fanamby lehibe momba ny faharetana atrehan'ny indostria, fidirana amin'ny tambajotran'ny manam-pahaizana sy matihanina momba ny haino aman-jery sy ny indostria ary ny tan-tsoroka arateknika atolotry ny mpiaramiombona antoka sy ny maro hafa.

Marihana fa ny taona 2014 no nanomboka niditra teo amin'ny sehatry ny famoronana Hay haingo sy ny tontolon'ny lamaody ary ny zaitra. Ankoatra izay dia manao sary ihany koa izy ary ny sary ataony dia apetrany amin'ny lamba zairiny. Na dia endrika eorôpeana aza ny lamaody ataony dia hasongadina hatrany ny maha fitafy Malagasy azy.

**Tiaray Rakoto**

Info Tour

## Namoaka ny andiany "Aye aye" sy "Iray" omaly

Andiany roa be izao ny mpianatra navoakan'ny Institut de Formation en Tourisme (InfoTour) omaly. Ny andiany "Aye aye" izay nahazo ny mari-pahaizana licence ary ny andiany "Iray" izay nahazo ny DTS. Tamin'ny taona 2018 moa no efa saika hanao izao famoahana izao izy ireo fa nohon'ny fisian'ny krizy teto amin'ny firenena,teo koa ny fandalovan'ny valan'aretina Covid ireny dia izao izany vao tanteraka. Nianatra momban'ny fizahan-tany sy ny fampiantranona moa ireto mpianatra vao nivoaka ireto ka ireo nahazo licence dia efa afaka mitady asa amin'izay. Nambaran'ny talen'ny sekoly Atoa Alain Richard Rakotondrabe moa fa nampisy fiantraikany ratsy tamin'ny resaka fizahan-tany teto amintsika mihitsy ireny krizy sy aretina nandalo teto amin'ny firenena ireny,na izany anefa hoy izy dia mbola hita fa mamparisika ny tanora ihany ny hianatra izany ary porofon'izany hoy izy ny habetsahan'ny mpianatra misoratra anarana ao aminy. Nohamafisiny ihany koa fa taranja iray anisany mora ahitàna asa ny fizahantany sy ny fampiantranona satria mbola azo lazaina ho malalaka ny tsenan'ny asa eo amin'io sehatra io. Maro be hoy izy ny asa afaka ataon'ny tanora izay nahavita fianarana amin'izany toy ny hoe manao "tour opérateur", miasa amin'ny kaompania an'habaka ireny eny fa na hiditra hanao minisitra mihitsy aza. Nambarany fa efa nisy mpianatra nivoaka tao amin'izy ireo no efa minisitry ny tanora teo aloha. Raha tsiahivina moa dia ny taona 1997 ny Info tour no niorina,efa maro ny mpianatra navoaka tao izay azo lazaina fa efa nahita asa tsara avokoa amin'izao ny ankamaroan'izy ireo.

**Tanya.R**

Kim Jah

## Hihaona amin'ny mpankafy ao Antsirabe

« Valibabena Party » no lohateny entin'i Kim Jah manamarika ny fampisehoana izay ataony ao Antsirabe any amin'ny tanana nihaviany. Ao amin'ny EPP Tongarivo Atsinanan'ny « Notre Imprimerie » any amin'iny lalampirenena faha-7 « Route d'Ambositra » iny no hanatanterahana ny fampisehoana. Rahapitso amin'ny 2 ora tolakandro no fotoana nomen'i Kim Jah ny mponin' Antsirabe. Natao mirary ho takatry ny rehetra ny vidimpidirana mba ahafahan'ny rehetra manatrika. Lehibe tao Antsirabe i Kim Jah. Noho ny asa aman-draharaha dia niakatra teto Antananarivo ary teto no nampahafatarany ny taalentany sy ny kantony eo amin'ny sehatry ny Mozika. Anisan'ny nahafantaran'ny maro azy ilay hirany hoe «My Jejo», «Antsa ho anao», «Tia sy 'Nday», «Valibabena». Fa ankoatra izay dia maro ihany koa ny hirany vaovao ka amin'io fotoana io no hanolorany azy ny mpankafy. Hikosoka ny kapila amin'ity fampisehoana ity moa i Balck One Kiffa.

**Tiaray Rak**


Nous SOCIETE TECHNIVOLT tenons à vous informer que :

Mr RAZAFINDRAZAHA ANTONI JERICO (depuis le 08/10/2022)

Mr RATOVOARIFETRA JOACHIM (depuis le 01/01/2023)

ne font plus partis du personnel et TECHNIVOLT se dégage de toutes responsabilités de leur actes .

G CL 4097/1-1



CLOTURE ELECTRIQUE

032 41 241 18/034 02 496 07

TECHNIVOLT

« Une vie sereine commence par la sécurité de ses proches et de ses biens »



# PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc… Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-19)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia… Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-19)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-19)

### COURS

* Cours particulier avec Mr Stacy : Maths, PC. Prof pédagogue. Tél : 034.04.018.21. (G-BA 454/1-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.35. (G-BA 445/15-11)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-4)

### FAMPIANARANA

* Fianarana kabary Anjanahary Ambohimahitsy Ampandrianomby. Tél : 034.07.526.31. (G-BA 451/6-6)

### MITADY ASA

* L. Mitady asa sécurité 27 ans, matotra madio tsy mifoaka. Tél : 033.75.351.31 / 034.34.056.20. (G-BA 456/5-1)

Soanierana Ivongo

# Rangahy nisoloky olona nahazo vola 20 tapitrisa ariary

Lehilahy iray 50 taona nisoloky no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria Soanierana Ivongo ny sabotsy 21 janoary lasa teo. Araka ny fanazavana azo dia nilaza fa manana «tany mirehitra» amidy izy. Fantatra fa lafo dia lafo ny vidiny noho izy manandanja sy tsy fahita firy. Dia mody nitondra vongan-tany anaty harona sachet mihitsy izy asehony any amin'ilay olona hosolokiany. Noreseny lahatra mba hividy an'io zavatra io ilay olona kendreny hosolokiana ka dia roboka tokoa ary nifanaraka tsara ny ady varotra ka efa nahazo vola mitentina 20 tapitrisa ariary ilay mpisoloky. Taorian'izay anefa dia nahafantatra ilay lasibatra fa voasoloky izy ka nandeha nanatona ny biraon' ny polisy ary nametraka fitoriana. Nandray ny andraikiny avy hatrany ny polisy ka nanao fanadihadiana mikasika ity fisolokiana avo lenta ity ary nikaroka ny olon-dratsy ary dia tratra ilay rangahy. Rehefa voasambotra izy dia nentina avy hatrany teny amin'ny biraon'ny polisy nanaovana fanadihadiana. Niaiky ny heloka vitany izy nandritra ny famotorana nataon'ny polisy azy ary mbola tratra teny aminy ihany koa ilay vongan-tany. Natolotra ny fampanoavana tany Fenoarivo atsinanana ny alarobia lasa teo ny raharaha ka taorian'ny famotorana nataon'ny mpitsara dia naiditra am-ponja vonjimaika ilay rangahy mandrapahatonga ny fotoampitsarana azy. Mbola mitohy ny fikarohana ireo mpiray tsikombakomba amin'ity lehilahy ity.

**T.H**

Sambava

# Nametraka taratasy ho an'ny vadiny mialoha ny nanantonan-tena

*"Mifona aho amin'ity safidy ity fa ny zanan-tsika karakarao tsara. Dia ho an'izay mahita za ity misy laharana finday ka antsoy :"* Io no soratra tao anatin'ny taratasy navelan'ilay raimpianakaviana mialoha ny namonoany tena tao amin' ny fokontany Ampandrozonana distrokan'i Sambava, omaly. Hita faty teo amorondranomasina akaikin'ny toerana atao hoe fisehana ireo mpandala fombandrazana ity raim-pianakaviana ity ary nihantona tamin'ny tady. Olona sendra nandalo no nahita ny zavanitranga ka nampandre ny fokonolona. Tonga teny antoerana ihany koa ny mpitandro ny filaminana, notarihin'ny zandary vondrontobim-paritra Sambava sy ny lehiben'ny fokontany Ampandrozonana. Ny fianakaviany kosa nananamafy fa manana olana aratokantrano izy ka izany nahatonga ity lehilahy ity hamono aina. Ny rehetra ihany koa nilaza fa ahiana ho tsy nahazaka onjampiainana izy ary nitsiry ny hevi-dratsy toy izao. Vao 36 taona ihany koa ny lehilahy ary manam-bady amanjanaka miisa 3, araka ny angom-baovao hatrany. Taorian'ny fikarakarana rehetra dia natolotra ny fianakaviany ny razana.

**Ariel D.**

Manjakandriana

# 3 lahy nitam-basy nanafika tokantrano

Tokantrano iray no notafihina andian-jiolahy nitambasy tany Manakasikely any Manjakandriana ny alatsinainy 12 desambra lasa teo. Rehefa nandeha ny fikarohana dia telo lahy voalaza ho nanao io asa ratsy io no voasambotry ny polisy any Manjakandriana ny talata sy alakamisy lasa teo. Fanafihana mahery vaika no nitranga tany amin'io toerana voalaza etsy ambony io ka taorian'izay dia nametraka fitoriana ilay olona voatafika. Nandray ny andraikiny ny polisy ary niroso tamin'ny fanadihadiana sy ny fikarohana ny olon-dratsy. Ny talata lasa teo dia lehilahy roa izay fantatra fa nandray anjara tamin'ilay fanafihana mitampiadiana no voasambotra. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ireo olona voasambotra ka nandritra ny famotorana azy ireo dia nanoro ny namany iray niaraka nanao fanafihana taminy izy roa lahy. Io namany io izay voalaza fa nitondra ilay basy nanaovana ny fanafihana. Vantany vao nandre izany ny polisy dia nankany amin'ny tranon' io lehilahy io tany Ambatomiva any amin'ny kaominina Ambatolaona ka tsy tratra tao izy, fa mbola hita tao aminy kosa ny finday iray izay nangalariny tany amin'ilay trano notafihiny. Niroso tamin'ny fanadihadiana lalina ny polisy ka fantatra fa lasa nitsoaka tany amin'ny fofombadiny any Manjakandriana io lehilahy karohina io ary afakomaly tokony ho tamin' ny 3 ora tolakandro no voasambotra teo amin'ny barrage de sécurité Ambohimahandry izy. Tsy hita teny aminy tamin'io fotoana nisamborana azy io ilay basy nentiny tamin'ny fanafihana. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Ampefiloha

# Lehilahy tra-tehaka teo am-pamakiana fiara

Tovolahy iray 23 taona no tratran'ireo polisy teo ampamakiana fiara teny Ampefiloha omaly tokony ho tamin'ny 2 ora maraina. Polisy nanao fisafoana tamin'ny alina no nahatsikaritra azy nanao ny asa ratsiny tamin'ireny fiara mipetraka amin'ny sisindalana ireny. Efa voapitsony ny varavaran'ilay fiara tamin' ny fotoana nahatratraran'ny polisy azy io. Tsy nampoiziny mihitsy hoe hisy hahita izy ka tsy fantany fa misy mpitandro filaminana nahatazan-davitra azy teo ampamakiana ilay fiara ary nanatona azy avy hatrany. Teo anatrehan'izay dia saika handeha hitsoaka ity lehilahy ity saingy tsy afanihetsika intsony fa noraisim-potsiny teo. Nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian'ny fisamborana azy ary voalaza fa niaiky fa saika hangalatra ny tao anatin'ilay fiara nandritra ny famotorana natao taminy. Aorian'ny fakàna ambavany eny amin'ny polisy dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

Tafika malagasy

# Nosokafana ny Ivon-toerana handrindrana ny asa



**Notokanana ny Ivon-toerana fandrindrana ny asan'ny tafika.**

Miroso ny fametrahana ny lamina ao anatin'ny fanavaozana ny rafitra ny tafika. Notokanana omaly ny Ivon-toerana fandrindrana ny hetsik'ireo tafika na "Centre des Opérations InterArmées (COIA)» eo anivon'ny Etamazaron'ireo Tafika Malagasy eny Andohalo. Ity ivon-toerana ity no natao handrindra ireo hetsika rehetra ataon'ny miaramila eny ankianja ary hahazo ny vaovao ara-potoana na mivantana ihany koa. Tafiditra anatin'izany ny fandrindrana ny asa fampandriana fahalemana sy ireo hetsika fiatrehana ny loza voajanahary toy ny toe-draharaha iainantsika amin'izao fandalovan'ny andro ratsy izao. Anisany miara-miasa akaiky amin'ny tafika ny « BNGRC ary ny mpamonjy voina. Trano manara-penitra, ahitana ireo teknolojia avo lenta manaraka ny toe-trandro no hita ao amin'ity ivontoerana ity. Efa misy ireo miaramila matihanina sady voafana manokana ary tafapetraka omaly avokoa izany. Raha ny resadresaka nataonay tamin'ny manamboninahitra ambony iray dia nilaza izy fa miara-miasa amin'ny eny ifotony ihany koa ny miaramila. Ilaina ny manakaiky ny vahoaka hoy izy satria ireny no manana ny loharanombaovao ary efa voavolavola avokoa izany paikady izany mialoha ny nanangana izao ivon-toerana izao. Ny antony dia mila haingana ny fazahoam-baovao indrindra raha eo amin'ny lafin'ny tranga mety hiseho eny an-kianja na ny tsy fandriampahalemana izany na amin'ny lafiny fanampiana amin'ny loza voajanahary.

**Manan-danja**

Tonga nitokana izany ny Praiminisitra ary nankasitrahany izao ezaka lehibe vitan'ny Tafika Malagasy izao. Nambarany fa zava-dehibe tokoa ny fahafahana miatrika sy miady amin'ireo karazana ambana mety hiseho eto amin'ny firenena. *« Manan-danja tokoa ity ivon-toerana ity satria sarotra ho an'i Madagasikara ny manao ny fandrindrana ireo krizy na loza voajanahary rehetra mety hiseho teo aloha fa ankehitriny kosa dia ho mora ny fanatanterahana izany indrindra amin'ny fandraisana andraikitra eo amin'ny lafin'ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany noho ny fisian'izao fotodrafitrasa manara-penitra izao"* : hoy kosa ny jeneraly Richard Rakotonirina, Minisitry ny Fiarovam-pirenena sady Minisitry raharahambahiny mpisolon-toerana. Marihina fa nanotrona izao lanonana izao ny Lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika, ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Délphin niaraka tamin'ireo Lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika an-Tanety, ny Tafika Andrano-masina ary ny Tafika Anabakabaka.

*Trano manara-penitra, ahitana ireo teknolojia avo lenta manaraka ny toe-trandro no hita ao amin'ity ivon-toerana ity.*

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Boky**




## Hatsikana an-tsary

**Dikany**




## Masoandro Miposaka

### Isaia 46 : 3

**Mihainoa Ahy, ry taranak'i Jakoba sy izay sisa rehetra amin'ny taranak'Isiraely, izay nobabena hatrany an-kibo sy nentina hatrany am-bohoka:**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza mifanadidy, fa ny havanao tsy mahasora-tena toa voatango.**

Ne vous blâmez pas l'un l'autre, car votre ami ne se marque pas lui-même tel un melon.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2867

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | 6 | | | 7 |
| | | | 1 | | | | | |
| | 3 | | | | | | 5 | 9 |
| | | 8 | | | | 5 | 2 | |
| | | 4 | | | | 7 | | |
| 3 | | | 4 | 7 | 2 | | | |
| 2 | | | | 6 | 8 | | 1 | |
| 4 | | 3 | | | | | 6 | 8 |
| | 8 | | 5 | 4 | | | | |

Valin'ny laharana 2866

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 7 | 9 | 4 | 3 | 1 | 6 | 2 | 5 |
| 1 | 2 | 3 | 7 | 5 | 6 | 4 | 9 | 8 |
| 5 | 6 | 4 | 2 | 9 | 8 | 3 | 7 | 1 |
| 9 | 4 | 1 | 8 | 7 | 3 | 5 | 6 | 2 |
| 6 | 5 | 2 | 1 | 4 | 9 | 7 | 8 | 3 |
| 7 | 3 | 8 | 5 | 6 | 2 | 9 | 1 | 4 |
| 3 | 1 | 6 | 9 | 8 | 4 | 2 | 5 | 7 |
| 2 | 9 | 5 | 3 | 1 | 7 | 8 | 4 | 6 |
| 4 | 8 | 7 | 6 | 2 | 5 | 1 | 3 | 9 |

## CHAN 2022

Barea de Madagascar

# Azony atao tsara ny mandresy an'i Mozambika



Mifantoka tanteraka any Constantine (Algérie), kianja hanaovana ny lalao ampahefa-dàlan'ny CHAN 2022, hifandonan'ny Barea de Madagascar sy ny « Les Mambas »-n'i Mozambika, ny fo amam-panahin'ny mpankafy baolina kitra Malagasy rehetra anio alina. Azon'ny ekipam-pirenentsika atao tsara ny mandavo ny mpifanandrina aminy, raha tafaverin-dry Tantely (kap) sy ny namany ny lalao nataony tao anatin'ny vondrona C nisy azy, nandritra ny lalao fifanintsanana. Etsy andanin'izany, taorian'ny nandavoantsika ny « Les Crocodiles du Nil »-n'i Soudan farany teo iny, dia betsaka ny akom-baovao tsara azon'ny ekipam-pirenentsika. Na teo amin'ny mpilalao izany na teo amin' ny mpanazatra, ary indrindra moa ny fiakaran'ny lelavola azony. Heverina sy hirariana fa hitohy izany ka hampiakatra ny hambompon'ny mpilalao amin'ny fahazoana fandresena hatrany.

Tafakatra ampahefa-dàlana

# Nahazo 300 000 dolara ny Barea

Nomena lanja ny mpilalao miatrika ny fifaninanana kaontinantaly afrikanina. Nanapa-kevitra ny mpitantana ny Kaonfederasionina Afrikanina amin'ny Baolina kitra (CAF), tarihin'ilay afrikanina tatsimo Patrice Motsepe, fa ampiakarina 60 % ny vola omena ny ekipam-pirenena mandray anjara amin'ny CHAN 2022, tsy toy ny teo aloha intsony. Voalaza fa nahazo eo amin' ny 300.000 dolara isanisany ny ekipa rehetra tafita amin'ny lalao ampahefa-dàlana, izay efa nanomboka omaly ka hifarana androany, ary anisan'izany ny Barea de Madagascar. Araka izany dia mahatratra hatrany amin' ny 1.840.000.000 Ariary ny vola ho raisin'ny ekipampirenentsika, raha toa ka kajiana amin'ny 4300 Ariary mahery any ho any ny vidin'ny 1 dolara. Mitombo 400.000 dolara izany raha tafita amin'ny lalao manasa-dàlana ny ekipa anankiray. Mitsinjara toy izao kosa ny vola raisin'ny ekipampirenena anankiroa miatrika ny lalao famaranana. Ny tompondaka dia mahazo 1.250.000 dolara (9.200.000.000 Ariary) ary ny lefiny kosa dia mandray 700.000 dolara (3.680.000.000 Ariary). Momba an'ireo vola ho raisin'ny mpilalaon'ny ekipam-pirenena, dia nanipy teny no sady nampitandrina ny mpitantana ny federasionina i Faneva Imà Andriatsima, Kapitenin'ny "Barea de Madagascar A" teo aloha, fa tokony atao mangarahara ny fitsinjarana ny vokatry ny hatsembohan' ny mpilalao. Tetsy andanin' izany kosa anefa dia nitaona ny sain'ny mpilalao rehetra izy, hifantoka tanteraka amin'ny fifaninanana hatrany aloha, izay hananany fanantenana ny ahalasa lavitra ny maherifontsika amin'ity CHAN 2022 ity.

"Groupe Stage Best XI"

# Tafiditra ao anatiny i Rôrô sy Rakoul

Henin-kaja sy heni-boninahitra hatrany ny Barea de Madagascar "A'" amin'izao fiatrehany ny CHAN 2022 izao. Ankoatra ny nahavoafidy an'i Koloina Razafindranaivo, toa an'i Tokinantenaina Olivier Randriantsiferana "Tsiry", izay samy efa nahatafiditra baolina anankiroa roa avy hatramin'izao, ho "Men of Match", dia mbola nosafidian' ny tekinisianin'ny CAF ho ao anatin'ireo mpilalao 11 mendrika sy mahay i Rakoul, mitana ny toeran'ny irakiraka mpanafika. Marihina fa ny baolina tafidiny tamin'i Soudan dia anisan'ny tsara indrindra. Ankoatra an'i Rakoul dia mbola voatendry ho mpanazatra mahay sy mendrika ihany koa i Romuald Rakotondrabe "Rôrô", izay nitondra ekipa nahatafiditra baolina betsaka indrindra sy nahitana endridalao nahalianany maro. Toy izao ireo voatendry ao anatin'ny *"Groupe Stage Best XI (4 – 3 – 3)"*: Alexis Guendouz (ALG) ; Eddie Afonso (ANG) / Ismaël Souley (Niger) / Chouaïb Keddad (ALG) / Cheikh Sidibé (SEN) ; Lamine Camara (SEN) / Rakoul (MAD) / Houssem Mrezigue (ALG) ; Gilberto (ANG) / Sankara Karamoko (CIV) / Jonathan Ikangalombo (RDC) ; Mpanazatra : Rôrô.

**Fandaharan-dalao anio :**

7 ora : Madagasikara # Mozambika

10 ora : Niger # Ghana

**aris rafaly**



"Fit for life"

# Tetikasa hampifandraisana ny fanatanjahantena amin' ny fahasalamana

Azo ahena sy sitranina amin'ny alalan'ny fanatanjahantena sy fampiasam-batana ny fitombon'ny aretina maro. Io no nahatonga ny teo anivon'ny UNESCO, namorona fandaharan'asa vaovao, izay manasongadina ny hampiasana ny fanatanjahantena ho an'ny fahasalamana, indrindra taorian'ny nisian'ny covid-19 teo ireny. Nisy ny Fihaonana teo amin'andriamatoa Ngandeu Ngatta Hugue, manampahaizana manokana amin'ny fandaharan'asa SHS eo anivon'ny UNESCO miasa ao Nairobi, Kenya, tamin'ny Tale jeneralin'ny fanatanjahantena, izay filoha lefitra misahana an'i Afrika eo anivon'ny CIGEPS/UNESCO, ramatoa Rakotozafy Rosa, niaraka tamin'ny ekipan'ny COMNAT Unesco, notarihin'Atoa Sekretera Jeneraly, Manda Ravelojaona. Nandritra izany fihaonana izany no nipoiran'ny hevitra, amin'ny fomba iaraha-miasa eo amin'ny fametrahana ny fandaharan'asa vaovao ny UNESCO manerana an'i Afrika sy ny Ranomasimbe Indianina, ilay antsoina hoe "Fit for life" na " En forme pour la vie". Tsiahivina, fa tena nanampy betsaka ny olona manerantany ny fanaovana fanatanjahantena, nandritra ireny fandalovan'ny tsimokaretina Covid-19 teo ireny, ka ankoatra ny fanarahana ny torolalana amin'ny fampiasana fanafody dia isan'ny fiarovana tsy novidiam-bola ny fanaovana fanatanjahantena, izay tena nilain'ny vatana tamin'izany.

**Rabenaivo**



**Ramatoa DGS sy ny tomponandraikitra teo anivon'ny SHS.**

## Tapatapany

***-Volley*** – Noho ny andro ratsy nitranga teto amintsika, tao anatin'ny andro maromaro izay, misedra fahasahirana amin' ny kianja hanaovana fanazarantena, ireo klioba solontenantsika, handray anjara amin'ny fiadiana ny amboara ho an'ny tarika tompondaka aty amin'ny faritra fahafito. Ireo tsy afaka manao izany any anatin'ny kianja mitafo, dia saika eny amin'ny kianja ankalamanjana no hanatanterahan'izy ireny ny fanomanantenany, saingy niaraha-nahita fa nikija ny orana teto, ankoatra izay, nahery ny rivotra, izay tsy mety amin'ny filalaovana ity taranja ity. Manoloana izany, manao antso amin'ireo tomponandraikitra rehetra voakasika ny mpitantana azy ireny, mba hanome kianja mitafo hahafahana milalao, satria dia voninahim-pirenena no arovan'ireto klioba ireto atsy amin'ny Nosy rahavavy Maorisy, ka tokony hamoraina ny fahazoana izany. Tsiahivina, hanana solontena 4 ( ekipa vehivavy telo sy ekipa lehilahy iray) isika mandritra ity andiany 2023, tanterahana atsy Maorisy, ny 23 febroary hatramin'ny 5 marsa ity, izay efa samy anatin'ny fanomanana izany avokoa amin'izao.

**Rabenaivo**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

***"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."***

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Seces Nasionaly

# Hampianatra amin'ny volana febroary

Namoaka ny fehin-kevitra taorian'ny filan-kevitra nasionaly natao tany Toamasina nandritra ny roa andro ny 26 sy 27 janoary 2023 teo ny Seces nasionaly. *"Tapaka fa hiroso amin'ny asa fampianarana sy ny fikarohana ara-tsiansa manomboka ny volana feboary 2023 ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra. Takianay kosa ny mba handraisana fanapahan-kevitra ho fanajana ny halavan'ny fe-potoana sahaza amin'ny famitàna ny taom-pianarana 2022-2023. Miantso ny tomponandraikitra isan-tsokajiny mba samy handray ny andraikitra mifanandrify ary ho fisorohana ny mety ho fanitsakitsahana ny zon'ireo mpianatra sasantsasany toy ny fahadisoana eo amin'ny fisoratana anarana vokatry ny digitalisation tsy voafehy, ny tsy fisitrahan'ny mpianatra mendrika izay vatsim-pianarana tokony ho azy, ny fibodoan'ireo olona efa tsy miantra intsony ny toeram-ponenan'ny mpianatra. Takian'ny zava-misy noho izany ny fahatomombanan'ireo fampitaovana rehetra manaraka ny falàn' ny vanim-potoana eo anivon'ny toeram-pampianarana tsirairay sy ny foibem-pikarohana rehetra avy amin'ny fitondram-panjakana ; satria mpianatra mahay, tsy mena-mitahy amin'y any ivelany afaka mamoroa asa ho an'ny tenany sy hitondra ny anjara birikiny eo amin'ny asa fampandrosoana no andrasana eny anivon'ny anjerimanontolo miankina amin' ny fanjakana"*, hoy ny Pr Randriamialinoro Faliarivon, filoha nasionalin'ny SECES taminay omaly.




**Ireo SECES nanantrika ny filan-kevitra nasionaly tany Toamasina.**

**Zo sy hasina**

Ankoatran'izay dia nampahatsiahy ny tsy mbola nandoavan'ny fitondram-panjakana ny "indemnité de recherche et d'investigation tamin'ny taona 2018, 2019, 2020, 2022 ho an'ireo mpampianatra mpikaroka efa nisotro ronono izay mbola manatanteraka ny asany ny Seces nasionaly. *"Ny karaman'ireo mpampianatra an-tselika sy ny ora fanampiany ho an'ireo mpampianatra raikitra nanomboka ny taom-pianarana 2018-2019 tapany faharoa mandraka ankehitriny; ny vokatry ny fampiharana ny didim-panjakana telo ary ny vacation-'ny Bakalorea. Andrasanay am-pitoniana ny famoahan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panoreana ny totlo-dalàna n°001-2022 mikasika fizakantenan'ireo Oniversite, ny toeram-pampiannarana ambony sy ireo foibem-pikarohana nasionaly rehefa nitondrana fanatsarana izay niainga tamin'ny fanamarihana sy toromarikin'ny HCC voafaritry ny décision n°03-HCC/D3 ny 9 febroary 2022. Samy nahazo fankatoavana teny anivon'ny Antenimiera roa tonta izany"*, hoy hatrany Atoa Randriamialinoro Faliarivony, ny Filoha nasionalin' ny SECES. Ankoatran'izay dia takian'ny sendikàn'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra ny hamoahan'ny fitondrana haingana ireo didim-panjakana dimy ho fampiharana ny andininy sasantsany ao amin'ny lalàna n°2021-005 momba ny sata hifehy ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eto Madagasikara. Ankoatran'izay dia nomarihan'ny SECES fa saro-piaro amin'ny fananan iombonana izay lova ho an'ny taranaka mifandimby izy ireo isan'izany : ny tanin' ny Oniversitem-panjakana, ireo foibem-pikarohana nasionaly, ny fitodrafitrasa maro izay bodoin'ireo fahavalom-pirenena. Mbola ho tohizanay amin'ny lahatsoratra manaraka ny fitakiana mikasika ny raharaham-pirenena.

**Heriniaina A.**

Aviation civile de Madagascar

# Nahazo inspecteur 7 hiantoka ny filaminana eny amin'ny seranana

Tontosa ny alatsinainy lasa teo tetsy amin'ny lapan'ny fitsarana ny fianianan'ireo "inspecteur" vaovao hiasa eo anivon'ny Aviation Civile de Madagascar. Hanamafy ireo inspecteur ambony 36 mianadahy efa miasa izy ireo. Isan'ireo manarapenitra. Satria nanaraka ny fenitra napetraky ny Organisation de l'Aviation Civile Internationale (OACI) sy ny lalana misy eto amintsika. Misy ny finiavan'i Madagasikara hamerina indray ireo mpizahatany eto amintsika mba hampiakarana ny fidiram-bola sy ny vola vahiny miditra eto amin'ny fizahantany. Anisan'ny nitondra faisana indrindra taorian'ny covid-19 mantsy io sehatra iray io ka mila politika manokana hahafahana mamerina azy indray. Anisan'ny tanjona ny hanome tolotra mifanaraka amin'ny filan'ny olona indrindra mikasika ireo sidina izay tokony ho azo antoka sy marim-potoana. Ny fahamaroan'ireo sidina mantsy mampitombo ny fanaraha-maso. Tonga amin' ny fotoana tena ilana azy noho izany ireto inspecteur ireto. Miantoka amin'izy ireo ny fiantohana ny filaminana sy fiarovana ny fivezivezen' ireo fiaramanidina miditra sy mivoaka eto. Maromaro ny fepetra takiana raha maniry ho toa azy ireo ka anisan' izany ny maha teratany malagasy azy, manana diplaoma manokana mikasika ny asa an'habakabaka ary miampy traikefa 5 taona.

**Nath**

Ambohidava Ampitatafika

# Olona 640 voatery nafindra toerana

Mitoka-monina tanteraka ny ao Ambohidava Ampitatafika. Taorian'ny fahavakisan' ny fefiloha amin'ny ranon'i Sisaony dia olona teo 640 avy amin'ny fianakaviana 128, tao amin'ny fokontany Anjanamaitso sy Ambohidava Ambihimangidy, no voatery nafindra toerana. Efa nanomboka ny alin'ny alakamisy no nanaovana ny famindrana ireto olona ireto ary mbola nitohy nandritra ny andron'ny omaly zoma. Nanao sarotra ny asa, satria tsy nisy afa-tsy ireo lakana mandeha môtera "Zodiac" anankiroa an'ny BNGRC no nampiasaina tamin'ny fitaterana. Noraisina tao amin' ny tokontany malalaky ny kaominina Ampitatafika ireo traboina ary nananganana trano heva. 100 ireo notazonina tao amin'ny biraon' ny kaominina fa nalefa tany amin'ny CEG Faliarivo ny 392, ary ny 90 nandeha namonjy ny fianakaviany. Ahiana ho tondraky ny rano avokoa ireo faritra iva eto Antananarivo raha mbola mitohy ny orana. Mbola ao anatin'ny filazana loza manambana na miloko mavo avokoa aloha ireo faritra manodidina ireo renirano lehibe eto Antananarivo. Nifanampy tamin'ny ekipan'ny BNGRC tamin'ny fanatanterahana asa ny avy amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ny mpamonjy voina, ny CPC (Corps de Protection Civile), ny zandarimariam-pirenena, ary ny distrikan'Atsimondrano. Mihamavesatra koa ny takaitra navelan'ny rivodoza Cheneso teto amin'ny firenena, satria raha ny antontan'isa nivoaka tamin' ny 26 janoary lasa teo dia 21 ireo olona tsy hita mbola karohina, 24 ireo namoy ny ainy, ary 73 377 ireo traboina.

**R. Muray**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha tehirizinao hatrany ny fitsikiana isan'andro! Indray andro any ny fiainana dia ho vaky vava hoe: Reraka sy tofoka aho mahita anao mitsiky lava ! Ka aleo mitsiky tahaka anao, miran-dava toy izao ! Toy izay moto-dava lava izao."

Ny Vetso (03. 06. 15)

("Keep smiling and one day life will get tired of upsetting you.")

Tetibolan'ny fonja

# Lany amin'ny sakafo ny 50 isanjato mahery

Itambesarana olana ny tontolon'ny famonjana eto Madagasikara. *"Lany amin'ny sakafo ny 50 isanjato mahery amin'ny tetibola natokana ho an'ny fonja manerana ny Nosy. Amin'ny ankapobeny, dia mandany eo amin'ny 5 000 Ariary isan'andro ny sakafon'ny voafonja iray. Mangahazo no tena foto-tsakafon'izy ireo noho ny tsy fahampian'ny tetibolan'ny minisiteran'ny fitsarana hoentina manome sakafo ara-dalàna. Na izany aza, efa misy ny tetikasa nahazoana famatsiam-bola hoentina manampy ny fonja hamokatra. Misy 137 ireo tany, ary tsy latsaky ny 20 Ha (Hekitara) ny iray, izay hampiasaina amin'ny famokarana ny sakafo eo anivon'ny fonja ary mety hanampy amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo."*, hoy Raby Savatsarah, sekretera jeneralin'ny minisiteran'ny fitsarana. Notanterahina nanomboka ny 26 sy 27 janoary lasa teo, tao amin'ny Ibis Ankorondrano, ny atrikasa momba ny tontolon'ny famonjana eto Madagasikara. Nandray antanana ny fikarakarana rehetra ny "Humanité & Inclusion", izay efa niasa teo amin'ity sehatra ity teto Madagasikara nanomboka ny taona 2008, sy ny "Institut Pasteur de Madagascar". Nantsoina nanatrika avokoa ireo mpisehatra amin'ny tontolon'ny famonjana manerana ny Nosy na ny avy amin'ny fanjakana izany na ny avy amin'ny fikambanana maro samihafa. *"Araka ny fanadihadiana nataonay tamin'ny taona 2018, tao amin'ny fonjan'Antanimora sy tany Toliara ary Boeny sy DIANA, dia tratry ny rarin-tsaina sy famoizam-po ny 97 ireo voafonja. Anisan'ny mahatonga izany ny olana amin'ny fahateran'ny fonja, ny sakafo, ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana."*, hoy i Vincent Dalonneau, tomponandraikitra eo anivon'ny "Humanité & Inclusion". Hotohizana amin'ny volana martsa ity atrikasa ity mba hahafahan'ireo mpisehatra manolotra soson-kevitra ho famahana olana.

**R. Muray**

Jirama

# Miato vonjimaika ny tolotra mampiasa ny nomerika

Manomboka ny zoma 3 febroary amin'ny 6 ora hariva hatramin'ny alahady 5 febroary 2023, miato avokoa ny tolotra mampiasa nomerika rehetra eo anivon'ny Jirama. Tafiditra ao anatin'izany ny fanakatonana ireo toeram-pandoavambola rehetra manerana an'i Madagasikara. Hiato koa ny fampiasana mailaka. Tsy hisy ny fandoavam-bola amin'ny alalan'ny finday sy ny fandoavam-bola ary ny fikirakirana ny agence en ligne. Tsy hisy koa ny fividianana fahana ho an'ny kaontera prépayé, ny fandraisana auto-relevé. Voalaza anton'izany ny fametrahana serveur na hisy fampiasana teknolojia vaovao izay mitaky andrana sy fanara-hamaso akaiky. Izany rehetra izany mba hahafahana miroso sy manatsara ny karazan-tolotra eo anivon'ny Jirama. Ampiharina manerana ny Nosy izany fanovana izany mba hisitrahan'ny mpanjifa tsirairay avy fanatsarana.

**Nath**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 908 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Patsabe sy voasaribe

**Zavatra ilaina :** patsabe voavoatra 200g, voasaribe na pamplemousses mena 2, fromazy fotsy 150g, tamenak'atody 1, moutarde 1sotro, ranona voasarimakirana 1 sotro, voatabia amin'ny boaty 1sotro.

**Fikarakarana azy :** Karakaraina mialoha ny saosy, afangaro ny ranona voasarimakirana sy ny moutarde ary ny tamenak'atody. Haroharoina tsara dia arotsaka tsikelikely ny fromazy avy eo. Asiana voatabia iray sotro. Zaraina roa ny pamplemousse dia alaina ny ao anatiny. Esorina ny voany dia tetitetehina. Afangaro amin' ny saosy amin'izay ny patsabe efa nomasahana sy ny pamplemousse. Atao anaty vera (verrines). Azo aroso avy hatrany.